## NAMONTANA 4

# RANGAHY NOROBAINA EFA-DAHY NITONDRA ANTSY, LASA NY VOLA 2 TAPITRISA Ar


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7464 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Sabotsy 07 janoary 2023


## KMF/CNOE 3

# MITAKY NY CENI SY NY GOVERNEMANTA HAMOAKA MIALOHA NY TETIANDROM-PIFIDIANANA




## MARINA IZANY ! 3

### TOKONY EFA HIOMANA !

## Tsaroako ilay... 2

### INAH



### MANAMBOATRA MOFO MAMY ANATY VILANY TSOTRA

## HO ANAO RAMATOA 8

### FOMBA FAMERENANA NY MOLOTRA HO MAVOKELY

## BISIKILETA FEDERASIONA 2

### LANY HO FILOHA TSY NISY LATSA-BATO I RELAHA JEAN CLAUDE

## SAMBAVA 4

### VEHIVAVY MATY NOTSINDRONIN'NY VADINY TAMIN'NY ANTSY







## Tsaroako ilay...

### Inah

# Manamboatra mofo mamy anaty vilany tsotra

*Inah ! Artista anisan'ny mpanjakan'ny feo eto amintsika. Mpiangaly feo lafika tao amin'i Poopy no nahafantarana azy voalohany ; niaraka tamin'ny tarika Dadah Rabel vao nandeha irery nitondra ny anarany hoe Inah. Manatanteraka fitetezam-paritra any Eorôpa izy ankehitriny miaraka amin'i Mbola Talenta, Mirana ary Poopin's. Sombim-pahatsiarovany kosa no hotantarainay eto anio :*

**Mofomamy atao amin'ny vilany tsotra**

Anisan'ny nanamarika ny fahazazany ary tsy maty ao am-pony hatramin'izao ny fiainany niaraka tamin'ny reniny sy ny mpiray tampo aminy. Rehefa tonga ny Noely, dia maka « sapin » izy ireo entina hamalifaliana an'i Inah. Izy rahateo teraka ny 24 desambra, dia manao fety miaraka amin'ny fianakaviana hatrany izy ireo fa tsy navelan'ireo fianakaviany ho irery mihitsy. Dia manamboatra mofomamy, entina manamarika ilay tsingerintaona. Tsy mba nanana lafaoro anefa izy ireo tamin' izany fotoana izany, fa natao tamin'ireny vilany tsotra



nasiana saribao sy fasika ireny ny mofomamy. Vitandreniny natsiro ery ny mofomamy tamin'izany, dia mifampizara amin'ny mpianakavy.

**Misy manoratra hoe «Mandray anjara mihira»**

Tany an-dakilasy indray, dia anisan'ny nanamarika an'Inah ny fanaon'ireo namany niara-nianatra taminy tany amin'ny sekoly Ramarosandratana tany Miarinarivo Itasy. Isaky ny misy fetin-tsekoly tamin'izany tao amin'io sekoly io. Dia misy manoratra avy hatrany ny anaran'i Inah hoe « mandray anjara mihira ». Tsy afaka manda satria efa voasoratra ny anarana, ary izy rahateo efa hitan'ireo namany fa manan-talenta amin'ny hira sady tsara feo hatramin'ny fahazazany. Nanomboka tamin'izany no efa nisedra ny mason'ny mpijery marobe i Inah ka tsy nananosarotra intsony rehefa lasa artista matihanina.

**Nandeha voalohany tany an-dafy**

Tamin'ny taona 2005 no nandeha voalohany nakany an-dafy i Inah. Nanatanteraka fitetezam-paritra niaraka tamin'ny tarika Dadah Rabel izy tamin'izany ary io ihany koa no fampisehoana goavana voalohany niarahany tamin'io tarika io tany ivelany. Ny faritry Paris sy ny manodidina no notetezin'izy ireo tamin'izany. Nanomboka tamin'io ihany koa no nandeha irery izy ary marobe ny mpankafy babon'ny feo mangany sy ny vazony.

**Nangonin'i Fy**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Tsy hasambarana hatrany no setrin'ny fahombiazana,
fa raha resy indray mandeha dia mbola afa-miarina sy
afa-manavaka indray ireo tondrozotra sy izay tokony haleha."

**Ny Vetso (10.03.14)**

("La réussite n'est souvent qu'une revanche sur le bonheur."
Bernard Grasset)

### Bisikileta - Federasiona

# Lany ho filoha tsy nisy latsa-bato i Relaha Jean Claude

Tamin'ny alalan'ny « acclamation » na fanekena avy hatrany ho filoha ny kandidà tokana, omaly tetsy amin'ny foiben'ny KOM Alarobia, no nandanian'ireo ligim-paritra an'Andriamatoa Relaha Jean Claude, ho filohan'ny federasiona malagasy ny bisikileta. Araka ny voarakitra anatin'ny fitsipika mifehy ny fifidianana, rehefa kandidà tokana no mirotsaka, dia amin'ny alalan'ny latsa-bato miafina, na "acclamation", ka ity farany no nosafidian'ireo ligy. Ligim-paritra 7 (Matsiatra ambony, Atsimo andrefana, Amoron'i Mania, Menabe, Boeny, Vakinankaratra, Diana) tamin'ireo 10 nisy no niatrika ity AGE ity, tsy anisan'izany kosa ireo 3(Analamanga, Analanjirofo, Betsiboka), izay tsy nahavita fifidianana. "Mandat" fanieniny misesy amin'izao no hitantanan'i Relaha ity federasiona ity, izay nisaotra ireo ligy nanome fitokisana azy indray, ary nanome toky fa hiezaka bebe kokoa ho an'ny fampandrosoana ity bisikileta eto ity. "Tsy hadinonay ny mijery anareo, iarahana ny fampiroboroboana ny any amin'ireo faritra rehetra misy, teny nomeko io ka tsy maintsy hotanterahana", hoy hatrany i Relaha Jean Claude. Nankahery ireto mpitantana ligy ireto ny tenany, satria fanatanjahantena mamoaka vola fa tsy mampidi-bola izy ity. Ny JIOI 2023 no lahara-pahamehana, hoy izy, ary tsy mbola misy anarana "présélectionnés" izany hatreto. "Tsy hananan-kavana ny ekipam-pirenena, ary misy "test" telo hatrehana, ka izay mendrika no tafiditra", hoy ity filoha ity, izay nanamafy, fa hisy sokajy vehivavy ny Lalaon'ny Nosy, ka manana solontena 5 isika. Mahakasika ny latsakemboka ny federasiona indray, dia efa naloan'ny MJS ny tamin'ny 2007 hatramin'ny 2019, andrasana ny ambiny(2019-2923) satria mety sakana tsy hahafahana miatrika ny JIOI eto amintsika izany. Ireto avy ireo mpikambana. Filoha lefitra: Ravelonjanahary Martial. SG: Razafimandimby Priscilla. Mpitambola: Randrialava Annick. Mpanolontsaina : Raherinjakamanitra Patrick, Andriamarolain Austin, Rakotozadindraibe Ambroise, Andriamarohaja Bien Aime. DTN: Patrick Michael. Mpanazatra Nasionaly : Manohisoa Rakotonarivo.

*Patrick Michel, teratany vahiny monina eto Madagasikara no Tale Teknika Nasionaly.*



**Vonona amin'ny hampandroso ity federasiona ity ingahy Relaha Jean Claude.**

**Rabenaivo**

### Misaona ny tontolon'ny kanto

# Nodimandry teo amin'ny faha-56 taonany i Hery Razakamahefa

Nodimandry teo amin'ny faha-56 taonany ny Alakamisy teo i Hery Razakamahefa rehefa notsaboina nandritra ny fotoana maro. Namela manananontena sy kamboty 4 ary zafikely 3 izy amin'izao fodiamandriny izao. Andrezin'ny kanto sy ny mozika i Hery Razakamahefa. Nanana ny naha izy azy izy satria dia izy no mpanorina ny « Orkesitra Mozika Jejy ». Mpihira sady Mpanorina ny sampana mpitendry mozika sy « Diacre » ao amin'ny FPVM « Francophone Chapelle Internationale » Tsimbazaza ihany koa anefa izy. Nanana ny lazany teo amin'ny maha mpitendry zava-maneno azy i Hery Razakamahefa ary nanana talenta lehibe tamin' ny fitendrendrena lokanga. Efa niara-niasa tamin'ireo tarika sy mpanakanto malaza maro toa an'i Mahaleo, Henri Ratsimbazafy, Njakatiana, Njila eny fa na ny VHF aza izy. Ankoatra izay dia mitana andraikitra goavana eo anivon'ny fiangonana izy. Araka ny fandaharampotoana dia hiala ao antranony lot II N 187 CU Ter Soavinandriana rahapitso alahady amin'ny 11 ora ny nofomangatsiakany, entina hanomezam-boninahitra an'Andriamanitra ao amin'ny Fiangonana Anglikana EEM Trinite Masina Avaratra Anjoma amin'ny 12 ora, ary avy eo dia entina ao amin'ny FPVM Taninanandrano mialoha ny hametrahana azy eny amin'ny fasan-drazany eny Soavinimerina. Izahay eto amin'ny Gazetiko dia mirary fiononana feno ho an'ny ankohonany sy ny mpiara-miasa aminy rehetra.



**I Hery Razakamehefa.**

**Tiaray Rakoto**

## Fandaharan-dalao faran'ny herinandro

Mbola ny taranja basket -ball sy ny baolina kitra irery ihany aloha hatramin'izao no lohalaharana amin'ny fandaharan-dalao amin'izao faran'ny herinandro izao. Eo amin'ny fihaonana iraisam-pirenena, dia miandry ny voka-dalao nataon'ny Barea de Madagascar, manomana ny fiatrehana ny CHAN 2023 isika. Eto an-toerana dia ny "Coupe des Sélections Régionales U19" no mahoraka nanomboka omaly.

**BAOLINA KITRA " Coupe de Sélections Régionales U19 "** Kianja Taolagnaro Sabotsy 07/01/2023 - 2 ora : Anosy # Androy Alahady 08/01/2023 - 2 ora : Androy # Anosy Kianja Ihosy 06/01/2023 - 2 ora : Atsimo Andrefana # Matsiatra Ambony 07/01/2023 - 2 ora : Ihorombe # Matsiatra Ambony 08/01/2023 - 2 ora : Ihorombe # Atsimo Andrefana kianja Antsirabe 07/01/2023 - 2 ora: Vakinankaratra # Menabe 08/01/2023 - 2 ora: Vakinankaratra # Analamanga Kianja Manakara 07/01/2023 - 2 ora: V7V # Amoron'i Mania 08/01/2023 - 2 ora : V7V # Atsimo Atsinanana Section Tana Ville - Tompondaka Ligue 2 Kianja Ambohidratrimo - Sabotsy 07/01/2023 10 ora: FC Espoir # 3 FA 12 ora : FFI Foot # AFA 2 ora : JFA# Golden # Génération

**BASKET - BALL Tompondaka Section Tana Ville** Sabotsy 07/01/2023 - Kianja Anosisoa Ambohimanarina 7 ora 30 : "U17F - 1/4 Finale " / Cosfa # Jcba ; 9 ora : "U13F - 1/2 Finale " / Assm # Lucadro ; 10 ora : "U17G - 1/2 Finale " / Cosfa # Assm; 11 ora 30 : "U15G - 1/2 Finale " / Dtsc # Assm; 1 ora: "U17F - 1/4 Finale " / Assm # Lucadro ; 2 ora 30 : "U17G - 1/2 Finale " / Dtsc # Fandrefiala Sabotsy 07/01/2023 - Kianja Mandroseza 7 ora 30 : "U17F - 1/4 Finale " / Asa # Fbc. 9 ora : "U13F - 1/2 Finale " / Ast # Fbc ; 10 ora: "U13G - 1/4 Finale " / Assm # Cosfa ; 11 ora : "U17F - 1/4 Finale " / Mb2All # Ast ; 12 ora 30 : "N1BH (C)" / Dbc # Akamasoa ; 2 ora : "VetH ( C )"/ Bcr # Lucadro Alahady 08/01/2023 - Kianja Sainte Famille 7 ora 30 : "U13F - Finale " / Assm/ Lucadro # Ast/ Fbc - "U13G - 1/2 Finale " / Tsbb # Assm/Cosfa ; 9 ora : "U15F - Finale " / Asa # Mb2All - "N1BH (A)"/ Bcr # Fbc ; 10 ora 30: "U15G - Finale "/ Dtsc/Assm # Jcba - "U19G" - 1/2 Finale " / Mb2All # Akbb ; 12 ora : "U17G - Finale " / Dtsc/ Fandrefiala # Cosfa/Assm - "U17F - 1/2 Finale " / Assm/Lucadro # Asa/Fbc ; 1 ora 30 : "VetD - 1/2 Finale " / Mmbc # Bbc - "U17F - 1/2 Finale " / Cosfa/Jcba # Mb2All/Ast ; 3 ora : "VetD - 1/2 Finale " / Pmbc # Bcr - "N1BH (D)"/ Soe # Jap Mada.

**nangonin'i a.r**

### Tarika A'xon

# Manomana vokatra vaovao maro-maro ho an'ny mpankafy

Taom-piasana ity taona ity ho an'ny tarika A'xon, amin'izao fiantombohan'ny taona izao dia mahafaly azy ireo ny mampahafantatra amin'ny rehetra fa miketrika vokatra vaovao maromaro izy ireo izay hivoaka amin'ity taona ity daholo izany. *"Hira miisa dimy no ezahanay havoaka amin'ity taona ity ary efa an-dalana ny hamoaka ny iray amin'izany izahay amin' izao"*, hoy i Aris, lohan'ny tarika. Raha tsiahivina kely, ny taona 2018 no niforona ity tarika ity. Efa nanana hira maro izy ireo saingy havaozina avokoa izany amin'izao. Mifangaro ny hira ataon'izy ireo, eo ny hira ara-pilazantsara, eo koa ny hira miresaka momba ny fitiavana ary ny fiainan'ny olona amin'ny andavanandro. "Acoustic" moa ny gadona tena voizin' izy ireo. Raha momba ny tarika kosa indray, telo lahy izy ireo no mandrafitra izany izay ahitàna an'i Aris, Badjio ary i Franco. Tamin'ny alalan' ny anaran'izy telo lahy ihany moa no nangalana ny anaran' ny tarika. *"Misy heviny roa ny anaran'ny tarika, ny iray niainga avy amin'ny anaranay natambatambatra, fa ny iray kosa dia hoe Andriamanitra ilay litera A ary feo kosa ilay hoe "xon" raha hazavaina dia hafatra avy amin'Andriamanitra no dikan'ny anaran' ny tarika"* hoy hatrany i Aris manazava.

**Tanya.R**

KMF/CNOE

# Mitaky ny CENI sy ny governemanta hamoaka mialoha ny tetiandrom-pifidianana

*Ankoatra ireo mpanao politika ivelan'ny fitondrana dia manahy ny tsy hametrahana ho laharam-pahamehana ny fifidianana amin'ity taona ity ihany koa ny KMF/CNOE.*

Samy resilahatra ny rehetra fa ho taona hanombohan'ny fifidianana isan'ambaratongany ka hisafidian'ny olom-pirenena Malagasy ireo hampindraminy ny fahefana hitondra ny firenena indray ity 2023 ity. Eo anatrehan'izany dia manao antso avo amin'ny Governemanta sy ny CENI ny fikambanana KMF/CNOE-Fanabeazana olom-pirenena mba hanoahana mialoha ny tetiandrom-pifidianana. « *Taom-piasana roa no miara-tapitra amin'ny fiandohan'ny taona 2024, dia ny an'ny Filohan'ny Repoblika, an'ireo Ben'ny Tanàna sy ny mpanolotsain'ny kaominina. Mba hampitovy zo ireo mieritreritra handray andraikitra ka hirotsaka, dia mitaky ny hamoahana ny tetiandrom-pifidianana mialoha ny fikambanana, hifantohan'ny olom-pirenena amin'izany* », hoy ny KMF/CNOE tamin'izany. Etsy andanin'izany, ankoatra ireo politika ivelan'ny fitondrana dia manahy ny tsy hametrahana ho laharam-pahamehana ny fifidianana amin'ity taona ity ihany koa ny KMF/CNOE.

**Fitaka politika**

« *Ady hevitra efa lany andro teto amin'ny firenena ny mety ho fisiana na tsy fisiana fifidianana. Rehefa lany fepotoam-piasana dia miroso amin'ny fifidianana, araka ny fenitra sy soatoavina demokratika. Ahiana ihany mantsy fa sao sanatria tsy laharam-pahamehana amin'ny tontolo politika eto Madagasikara ny fifidianana* », hoy ity firaisamonim-pirenena ity tamin' izany. Etsy andanin'izay, nitondra hafatra ho an'ny mpanao politika amin'izao vanim-potoana mialoha ny fifidianana izao ihany koa ny KMF/CNOE. « *Adidy ny fandraisana anjara amin'ny fifidianana : manomboka amin'ny famolavolana sy fandrafetana ny lisitry ny mpifidy, ny fanatsarana ny lalàna ary ny fanolorana ireo kandida hisafidianan'ny olom-pirenena. Aoka samy hiomana amin'izany ny rehetra ka handrafitra programan'asa mazava amin'izay kasaina hatao sady lavitry ny fitaka politika. Vahaolana matotra sy azo tanterahina no andrasana aminareo* », hoy ny fikambanana tamin'izany.

**Mamy R.**

Faritra Bongolava - Fiampangana ny préfet

# Nivoaka tamin'ny fahanginany ny Governora

Nidina an-dalambe ireo vahoakan'ny faritra Bongolava niaraka tamin'ireo ben'ny tanàna 24 mahatsiaro ho niharan'ny tsindry hazo lena nataon'ny préfet. Namoaka ny alahelony izy ireo ary nitondra ny porofo niampangana an'Ing. Préfet amin'ny fakambola tsy ara-drariny. Nivoaka tamin'ny fahanginany manoloana izany ny « Générale de Division » Ramiaramanana Joseph, Governoran'ny faritra Bongolava ary nandray ny fitarainan'ireto farany. « *Maro ny olana sy disadisa niseho, tsy nanana ady na tamin'ny solombavambahoaka na tamin'ny préfet ny tenako tao anatin'izay roa taona mahery niasako teto izay, na dia niadivana aza noho ny tsy fanekena hiray petsapetsa amin'ny fomba hoentina hangalarana amin' ny vahoaka. Satria ny tanjona dia hanatanteraka ny veliranon'ny Filoha mba hampilamina ny fiainan'ny vahoaka malagasy. Kanefa amin'izao dia rariny raha hitraotra ireo vahoaka ireo noho ny halatra ataon'ny préfet sy ireo mpiray tsikombakomba aminy* », hoy ity farany. Nanao antso avo amin'ny tompon'andraikitra voakasika amin'izao raharaha izao ihany koa moa ny fikambanan'ny ben'ny tanàna mba hanala tsy misy fepetra ny prefét ka hanokatra fanadihadiana amin'ireo fiampangana azy ireo.



**Ny governoran'ny faritra Bongolava manoloana ireo fitarainan'ny vahoaka.**

**Niry R.**

Kaominina Sabotsy Namehana

# Natomboka ny taom-piasana

Vita iny fankalazana ny fetin' ny Asaramanitra. Miverina amin'ny andavanandrom-piainany ny rehetra. Ho an'ny kaominina Sabotsy Namehana dia natomboka ny alakamisy teo ny taom-piasana 2023. Tamin'ny alalan'ny fampakaran-tsaina sy fanompoam-pivavahana notarihan'ireo Raiamandreny am-panahy ny Mpitandrina FJKM Tsarafara sy METM Zarefata no nanombohana izany. Nisy ihany koa ny lahateny, kabary fiarahabana sy firariantsoa nataon'ny ben' ny tanàna Atoa Andriamosa Avotraina, ary fanolorana solombodiakoho ho an'ireo olo-manan-kaja tonga nanotrona izany, izay nahitana ny lehiben'ny boriborintany Sabotsy Namehana, ny Commissaire Central ny Polisim-pirenena Antananarivo Avaradrano, ny Lehiben'ny Tobim-paritry ny Zandarimariam-pirenena Sabotsy Namehana, ary ny Filohan'ny Mpanolotsaina Kaominaly. Nofaranana tamin'ny fiaraha-maka sary ho mari-pahatsiarovana ny lanonana.




**Ny ben'ny tanànan'ny kaominina Sabotsy Namehana sy ireo mpiara-miasa aminy.**

**JUDD**

## Marina izany !

### Tokony efa hiomana !

**Iarahan'ny rehetra mahita fa mbola azo lazaina ho milamindamina ny " Covid-19 " eto amintsika. Amin'ny ankapobeny, gripa mahery no matetika mpahazo ny ankamaroan'ny olom-pirenena, indrindra ny zaza madinika, tsy ahafantarana mazava na efa ilay valan' aretina na tsia. Tsy izany kosa anefa no mitranga any amin'ny firenen-kafa, raha tsy hiresaka afa-tsy ny any Chine izay mirongatra ny " Covid-19 " ary mamono olona maro. Na ho ela anefa na ho haingana dia tsy maintsy hisy fiantraikany aty amintsika ny firongatr'io valan' aretina io, noho ny tera-tany vahiny tsy mitsahatry ny mivezivezy eto amintsika. Samy resy lahatra anefa na ny mpitondra na ny olom-pirenena fa tsy zakan'ny toekarentsika intsony ny famerenana ny fihibohana, niainantsika roa taona lasa. Manoloana izany dia heverina fa fahendrena sy fahamailoana raha dieny izao dia miomana, amin'ny fiatrehana ny mety ho firongatry ny aretina eto ny tompon'andraikitra isan-tokony. Madagasikara rahateo mbola marefo amin'ny lafiny maro: fitaovana ; foto-drafitrasa ; fanafody ; olombelona... raha ny tsikaritra nandritra ireny fotoana nampirongatra ny " Covid-19 " teto amintsika ireny. Indrindra raha ny zava-nitranga tato ho ato dia mbola mampametra-panontaniana ny hoe harisika hanohana an'i Madagasikara ve ny mpamatsy vola, raha trapahasahiranana isika ? Tsy vitsy mantsy ny mpamatsy vola sy ny mpiara-miombon'antoka amintsika any ivelany no mampiaka-peo, na mitaky ny hamerenana ny volany, na mangataka fanazavana ny antony nampiasana ny vola, rehefa miahiahy ny mety nisian'ny fanodinkodinana. Tsy ny mpitondra ihany fa tokony hiomana, arak'izay azony atao ihany koa ny olom-pirenena tsirairay, amin'ny fisorohana ny aretina toy ny fanajana ny fihetsika sakana !**

Voahangy Rakotozafy

**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 872 - 01 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

Nahandro

### Lasopy amin'ny laisoa tsy misy hena

Zavatra ilaina : tongolo be 4, laisoa 1 manontolo, karaoty 6, dibera 35g, sira, menaka, siramamy kely, dipoavatra, navet 1, poarao 1, céleri 2, voatavo, baranjely, ronono 1/2l

Fomba fikarakarana azy : tetehana avokoa ireo legioma ireo. Hafanaina anaty vilany ny menaka sy dibera dia arotsaka ao ny legioma, sira, dipoavatra, siramamy. Haroharoina, dia andrahoina sy masahana. Dia ampangotrahana. Araraka ao ny ronono avy eo. Rehefa masaka dia aroso mafana ka azo potserina na avela amin'izao.



**PRIERE AU SACRE CŒUR**

***Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.***

Dites cette prière 6 fois/jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

*Remerciements au Sacré-Cœur pour faveurs obtenues.*

G-CL 399/3-3 07/01/23 NGANE ET FAMILLE

**PETITES ANNONCES Gazetiko**

**MIVIDY**

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.01.764.83. (G-BA 433/20-4)

* Debara, frigo, fanaka, TV, vy, boky, kilalao, kiraro. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 432/15-4)

* Fanaka, frigo, congélateur, chaine, télé, an-dakozia… Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 439/20-1)

* Frigo, congélateur, fanaka, machine, kojakojan-dakozia… Tél : 033.11.173.27 / 032.40.056.16. (G-BA 438/20-1)

* Fanaka, frigo, congélateur, salon, bahut, armoire sns. Tél : 034.20.405.10 / 033.11.785.44. (G-BA 438/20-1)

**FORMATION**

* Format° pâtisserie, 1 mois : 50.000Ar. Pâte de base, décorat°, biscuit. 67Ha. Tél : 034.17.246.97. (G-BA 436/5-3)

**COURS**

* Cours de coiffure accéléré tsisy écolage afaka misafidy fotoana ianarana. Tél : 034.51.209.99. (G-BA 434/20-3)

* Cours de coiffure accéléré Isotry Ampitan'ny mpivaro-kazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 435/10-3)

* Fampianarana manety lehilahy " Coupe homme ". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 435/10-3)

**VIDANGE**

* Vidange wc perdu, fosse sept, puisard, réparat°, réhabilitat°. Tél : 034.16.145.06 / 034.47.024.33. (G-BA 416/10-7)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast, puisard avec pompage. Tél : 038.23.389.80. (G-BA 424/20-17)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 431/6-4)

* Manao ny asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 431/6-4)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 431/6-4)

Fisolokiana

## Vazaha roa tra-tehaka, milaza fa afaka mandefa olona any andafy

Teratany vahiny Marokanina sy Maorisinina mpisoloky milaza azy ho mahavita mandefa olona any Canada ireto tra-tehaka ireto. Voatazona vonjimaika eny Sampana fikarohana heloka bevava eo anivon'ny Zandarimariampirenena etsy Fiadanana,omaly. Olona 35 no efa niharan' ny fisolokiana nataon'izy ireo ary efa nahazoany vola. Nahazo fitarainana mikasika izany ny sampana fikarohana heloka bevava etsy Fiadanana. Nisy nametraka fitoriana ihany koa ka niroso ny fanadihadiana. Ankoatra azy roa lahy vazaha ireo dia malagasy anankiroa ihany koa no voasambotra, izay miara-miombona antoka amin'izy ireo ny amin'ny fisolokiana. Toy izao ny fomba fiadiny : Tonga eto Madagasikara izy ireo miditra toy ny mpizahatany. Mitady teratany malagasy mpiara-miasa aminy ary ireo no miantso ilay olona mikasa handeha any ivelany. Hampadoaviny vola *« 600 000 ariary »* tsirairay ireo , ho saran'ny fikarakarana ny dosie. Rehefa tonga anefa ny fotoana handehanana dia mitsoaka ireo mpisoloky, ary misy ariraririany ny olona. Rehefa natao ny fanadihadiana dia olona mpizahatany izy ireo fa tsy misy fifanarahana akory avy amin'ny fitondram-panjakana malagasy ny amin'ny fandefasana olona any ivelany.

**Minisitera tomponandraikitra**

Tsy vao izao ihany koa fa efa nanao izao asa ratsy fisolokiana izao ireto teratany vahiny ireto tany aloha. Anisan'ny toerana efa nalehany ny tany Turquie, Maurice, Afrique du Sud, Algérie, izao voasambotra teto Madagasikara izao ry zalahy. *« Manentana antsika izay mikasa handeha any ivelany mba ho mailo. Aleo manantona avy hatrany eny amin'ny Ministera tomponandraikitra fa betsaka ny olona mpisoloky »*, hoy ny kolonely lehiben'ny Sampana fikarohana heloka bevava eo anivon'ny Zandarimariampirenena etsy Fiadanana.

**Ariel D.**

Namontana

## Rangahy norobaina efa-dahy nitondra antsy maranitra, lasa ny vola 2 tapitrisa ariary

*Ny iray tamin'ireo olondratsy no tra-tehaka.*

Nisehoana asa ratsy teny Namontana Anosibe afakomaly. Rangahy iray 55 taona no lasibatry ny halatra miaraka amin'ny fampiasana fitaovam-piadiana teny an-toerana. Iny nandeha teny an-dalana iny ity lehilahy ity no narahina jiolahy efatra nitondra antsy maranitra. Ary rehefa lasa lavidavitra dia nohodidinin'ireo jiolahy nataon'izy ireo afovoany ity lehilahy ity. Ny sasany mantsy avy dia nibahana ny lalany, ny hafa kosa nanambana antsy azy. Tsy afa- nanoatra ny tenany nanoloana io fitaovam-piadiana narangaranga taminy io, moa sady tratran'ny be noho vitsy rahateo. Rehefa izay dia nosavain-dry zalahy izay zavatra azo nalaina tany aminy ka lasa tamin'izany ny vola mitentina 2 tapitrisa ariary. Nisy olona nandalo sendra nahita ity zavanitranga ity tamin'io fotoana io ka nampandre polisy avy hatrany. Vantany vao nahare ity asan-jiolahy ity ireo mpitandro filaminana nantsoina dia nandeha tany amin'ilay toerana nitrangan'ny asa ratsy. Tonga ara-potoana ny polisy satria mbola hita teo ry zalahy saingy raha vao nahatazana ireo mpitandro filaminana kosa dia lasa nirifatra nitsoaka. Nifanenjehana izy ireo ka ny iray tamin'ireo olon-dratsy no tra-tehaka fa tafaporitsaka kosa ireo namany hafa. Nentina teny amin'ny biraon'ny Sut Tsaralalàna ilay tratra io taorian'izay. Mitohy ny famotorana.

**T.H**

Ambohimangakely

## Olona 3 voasambotra tamin'ilay famonoana mpitondra kamiao

Voasambotry ny zandary sampana fikarohana heloka bevava, etsy Fiadanana ireo tompon'antoka tamin'ny famononoana olona roa ka hita faty tao anaty kamiao tetsy Ambohimangakely, ny alin'ny 17 hifoha ny 18 desambra 2022 lasa teo. Olona telo no voatazon'ny zandary amin'ity raharaha ity, niakatra fampanoavana omaly. Rehefa natao ny fanadihadiana dia voalaza fa nikasa hangalatra menaka tao anatin'ilay kamiao izy ireo. Tsy iza no nahavanona ny asa ratsy fa namana akaiky an'izy roa lahy nisy namono ihany. Avy naka menaka tany Toamasina ilay kamiao no nosakanana teny Mandraka. Rehefa avy eo dia nampisotroiny ranomboankazo misy poizina ireto roa lahy ireto. Teo no niezaka hangalatra ny menaka tao anaty kamiao ireto olondratsy kanjo tsy voavahany ny hidin'ny fiara fa nisy tarehimarika miafina. Nandositra izy ireo avy eo ary navelany teo Ambohimangakely ilay fiara. Ireo roa lahy mpamily sy ny mpamily mpanampy kosa namoy ny ainy.

**Nifatotra tady**

Rehefa nataon'ny zandary ny fanadihadiana dia olona telo no voasambotra ary mbola misy anankiray karohina, amin'izao fotoana izao, hoy ny fanazavan'ny zandary nandray ny famotorana. Raha hiverenana ny tranga dia lehilahy roa no hita faty tao anaty fiara lehibe (semi-remorque), teo akaikin'ny tobin-tsolika iray teny Ambohimangakely. Nifatotra tady tongotra aman-tanana ireo namoy ny ainy ireo ary hita tao amin'ny "cabine" aoriana. Rehefa nanao ny fizahana ny tranga teny ifotony dia tamin'izany no nahafantarana fa mpamily sy ny mpamily mpanampy izy ireo.

**Ariel D.**

Sambava

## Vehivavy maty notsindronin' ny vadiny tamin'ny antsy

Vehivavy iray 28 taona no maty notsindronin'ny vadiny tamin'ny antsy tany amin'ny fokontany Antanifotsy I any Sambava omaly tokony ho tamin'ny 6 ora sy sasany maraina. Araka ny fanazavana azo dia nisy ady teo amin'izy mivady ireo ny alin'ny alakamisy hifoha zoma lasa teo. Tsy fantatra mazava anefa izay tena vontoatin'izany fifandirana teo amin'izy roa izany fa nisy aloha ny fifamaliana am-bava. Tsy vitan'izany fa dia niafara tamin'ny famelezana zavamaranitra satria niakatra ny hatezerana ka tsy nahatana ny fihetsiny intsony ralehilahy. Nandray antsy be ity farany ka novelesiny tamin'iny teo amin'ny hatok'ilay ramatoa vadiny. Naratra mafy ilay vehivavy ary nijininika izay tsy izy ny rà nitarika fahafatesany. Nanoloana ny fisian'ity vono olona ity dia nisy nampandre ny polisy ka nandeha nanao fidinana ifotony tany an-toerana nanao fitsirihana niaraka tamin'ny dokotera. Efa tsy hita tany an-toerana ny vadin'ilay ramatoa tamin'ny fotoana nahatongavan'ny mpitandro filaminana tany. Mpitatitr'entana izy ary rehefa nokarohina dia hita ihany ary voasambotra fotoana fohy taorian'io ka nentina tany amin'ny biraon'ny polisy natao famotorana. Nandritra ny fakàna am-bavany azy dia voalaza fa niaiky ralehilahy fa namono ny vadiny.

**T.H**

## Tatsy sy taroa

* **Roa lahy tra-tehaka teo am-panendahana** no voasambotry ny polisy teny Antohomadinika sy Isotry omaly maraina. Ny iray tratra teo am-panaovana asa ratsy teny amin'ny toerana fiantsonan'ny taksiborosy teny Antohomadinika omaly tokony ho tamin'ny 5 ora maraina. Lehilahy iray 29 taona kosa ny iray, tratra ambody omby nanao sintomahery teny amin'ny tetezan-dRamala teny Isotry tamin'io omaly io ihany, tokony ho tamin'ny 6 ora maraina. Teo am-panaovana ny asa ratsiny ihany koa izy no sarona. Ary mbola nahatrarana fitaovana toy ny tournevis roa teny aminy rehefa nosavaina.

**T.H**

## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

***"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."***

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana :

Fanampiny :

Adiresy :

Nomerao C.I.N :

Tél. :

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

***Nanaiky izy***




## Hatsikana an-tsary

***Be zesta***




## Masoandro miposaka

**Genesisy 1 : 26**

Ary Andriamanitra nanao hoe: Andeha Isika hamorona olona tahaka ny endritsika, araka ny tarehintsika ; ary aoka izy hanjaka amin'ny hazandrano ao amin'ny ranomasina sy ny voro-manidina sy ny biby fiompy sy ny tany rehetra ary ny biby rehetra izay mandady na mikisaka amin'ny tany.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Ala-faditr'ilay moana, ka ao am-po no manisaisa.**

Les exorcismes d'un muet : c'est dans son cœur qu'il les prononce.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2845

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 7 | 1 | | 3 | | | | | 4 |
| | | | | 8 | | | 1 | |
| 9 | | 8 | | 5 | | | | |
| | | 3 | | | | 4 | | |
| 4 | | | | | | 9 | | |
| | | 6 | 8 | | | | 2 | 5 |
| | | 7 | | 6 | | | | |
| | 6 | | | | | 8 | | |
| | 2 | | | | 7 | | | |

Valin'ny laharana 2844

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 4 | 1 | 5 | 9 | 6 | 3 | 2 | 7 | 8 |
| 6 | 3 | 2 | 7 | 5 | 8 | 1 | 9 | 4 |
| 8 | 9 | 7 | 2 | 4 | 1 | 6 | 3 | 5 |
| 7 | 6 | 3 | 8 | 2 | 5 | 9 | 4 | 1 |
| 1 | 2 | 4 | 3 | 9 | 6 | 8 | 5 | 7 |
| 9 | 5 | 8 | 1 | 7 | 4 | 3 | 6 | 2 |
| 5 | 7 | 1 | 6 | 8 | 9 | 4 | 2 | 3 |
| 3 | 4 | 9 | 5 | 1 | 2 | 7 | 8 | 6 |
| 2 | 8 | 6 | 4 | 3 | 7 | 5 | 1 | 9 |




Ambatovy

Tsenaintsika am-pitsikiana ny taom-baovao !
Mirary fahasalamana sy fiadanana ary fahombiazana
ho antsika rehetra.

+261 32 33 665 65

www.ambatovy.com

GCL 400/2-1

FACTO-MADAGASCAR

Unicef

# Misy ny fenitra tsy maintsy arahina amin'ny famatsiam-bola

*Tsy maintsy haverina ny famatsiam-bola tsy nampiasaina tamin'ny fotoana voatondro.*

Nitondra fanazavana ny Unicef Madagascar teo anoloan'ny vaovao nivoaka nandritra ny filankevitry ny minisitra farany teo iny. Tamin'izany no nilazan'izy ireo fa raha misy ny vola tsy nampiasaina araka ny tokony ho izy tamin'ny fotoana voatondro nilana azy tamin'ny tokony ilana azy dia mila haverina any amin'ny Unicef mba ampiasaina amin'ny tetikasa hafa indray izany vola izany. Nisy ny fanadihadiana na "audit" notanterahina tamin'ny 2019 ka hita fa nisy tamin'ireo minisitera sasany no nahitana izany tetibola tsy nampiasaina araka ny tokony ho izy tamin'ny fotoana voalaza hanaovana izany. Ny fenitra eo anivon'ny Unicef anefa manambara fa tsy maintsy haverina izany famatsiam-bola izany. Manamafy ny fiaraha-miasany amin'ny governemanta malagasy izy ireo mba hahafahan'ny ankizy malagasy manana ho avy mamiratra kokoa. Mba hahafahany manatratra izany tanjona izany anefa, mamatsy ara-bola amin'ireo mpiara-miasa izy ireo na io amin'ny alalan'ny governemanta na tsia. Efa matipaika ny asa atao amin'izany ary voafaritry ny fenitra mba hitondra any amin'ny fampandrosoana indrindra eo amin'ny sehatra nasionaly. Ka amin'izany, antoka ny fampiasana io tetibola io araka ny asa voafaritra ao anatin'ny fotoana efa napetraka hatrany am-boalohany. Mankasitraka ny ezaka ataon'ny filoham-pirenena amin'ny fikaroham-bahaolana mba hahafahana manakatona amin'ny fomba ofisialy ireo kaonty ireo ny Unicef. Torak'izay ihany koa ny fifampiresahana sy ny fiaraha-miasa ary manamafy ny finiavany iaraka hiasa hatrany amin'ny governemanta sy ny mpiara-miombonantoka aminy mba tsy hisy na zaza iray aza ho taraiky fa samy hahazo tombontsoa avoko avy amin'ny tahirim-bolan'ny firenena mikambana ho an'ny zaza.

Raha tsiahivina, ny asa rehetra mahakasika ny zaza, fampananan-jo ireo ankizy, resaka fanabeazana, fahasalamana, ady amin'ny tsifanjariantsakafo, fiahiana ny ankizy, asa vonjy taitra sy fanampiana ny maha olona sy ny maro hafa dia andraisan' ny Unicef anjara avokoa. Ho an'ny sehatry ny fanabeazana ohatra, marobe ireo sekoly nohavaozina noho ny fiaraha-miasa tamin'ny vondrona eorôpeanina, japoney, koreanina sy ny maro hafa tsy voatanisa. Iray amin'ireo vy nahitana amin'ny fanamboarana pipeline ho amin'ny famatsian-drano any Atsimo ihany koa ny Unicef. Ireo ankizy marefo manerana ny Nosy anefa no tena hiasan'izy ireo ary miaramiasa amin'ny fitondram-panjakana sy ny mpiara-miombonantoka aminy.

**Nath**

HO ANAO RAMATOA

# Fomba famerenana ny molotra ho mavokely



**Misy maha samihafa azy toy izao ny molotra voakarakara na tsia.**

Amin'ity indray mitoraka ity, torohevitra hafakely ho an'ny vehivavy rehetra no entina amintsika. Anisan'ny andaniana vola tokoa mantsy ny karazana lokomena indrindra raha tiana tsy hanimba molotra izany. Misy ihany koa anefa ireo vehivavy nisafidy ny hijanona ho natoraly. Anisan'ny manimba ny molotra ny rivotra, hatsiaka, zavatra fohana na sakafo hanina. Lasa vakivaky na ihany koa simba mihitsy ny molotra. Torohevitra ho an'ny vehivavy rehetra, mety ho an'ny lehilahy ihany koa no atolotra ho amin'ny anio.

Ho an'ireo olona manana molotra lasa mainty na ihany koa somary mangana, misy fomba tsotsotra afaka hiala amin'izany. Mila yaourt nature 1 sotrokely ampiana tamotamo vovony tapaky ny sotrokely ary voasarimakirana in-3 mitete. Atao feta ireo dia atao sarona eo amin'ny molotra 30 minitra eo ho eo. Afaka atao isan'andro mandram-pahita fiovana. Rehefa vita dia kobanina ary somary petapetahana ranona kokombra amin'ny vovondandihazo malefaka dia avela ho maina tsy kobanina eo. Ho hita fa hivoatra ka lasa mavokely.

Anisan'ny torohevitra iray ihany koa raha tiana hiova ny molotra dia atao gommage. Atambatra ny siramamy vovony madinika kely miaraka amin'ny tantely sy menaka olive. Kosehana mihodinkodina malefaka amin'ny manodidina ny molotra mandritra ny 5 minitra dia kobanina izany avy eo. Tsara atao in-2 isan-kerinandro izy ity.

**Nath**

Vokatra lavanila

# Hitadiavana mpividy any Sina

Kely ny vokatra lavanila avy eto Madagasikara miondrana mankany Sina. Omaly, noraisin'ny Minisitry ny fampiroboroboana ny indostria sy ny varotra ary ny fanjifana, Edgard Razafindravahy, tao amin'ny biraony eny Ambohidahy, ny mpiandraikidraharaha eo anivon'ny masoivohon'i Sina, Zhang Wei, niaraka tamin'ny ekipany. Noresahan'ny roa tonta ny fomba hampiroboroboana ny fanondranana lavanila mankany amin'ity firenena ity. Anisan'ny hevitra naroson' i Zhang Wei ny fifampiraharahana amin' ireo mpandraharaha aratoekarena sinoa tena matotra sy ny fandraisana anjaran' i Madagasikara amin'ireo tsena na varotra fampirantiana iraisam-pirenena any Sina toy ny foaran'i Canton sy Shanghai ary ny andiany fahatelo amin'ny fihaonan' i Sina sy Afrika, izay hanasana manokana an'i Madagasikara, ary hahafahana mampiranty ny lavanila malagasy. *"Isika no mpamokatra lehibe indrindra sy mpanondrana lavanila voalohany manerantany, koa maninona no tsy maka vokatra aty amintsika i Sina ? Manana ny fifanaraham-piarahamiasa arabarotra sy ara-toekarena ny firenena roa tonta, izay tokony hampiasaina hoentina mampiroborobo misimisy kokoa ireo fifanarahampiaraha-miasa sy ny varotra. Hampifanahatsahana ny mizanam-barotra eo amin'ny firenena roa tonta ny fanondranana lavanila avy eto Madagasikara mankany Sina."*, hoy ny Minisitra Edgard Razafindravahy. Nahagaga an'i Zhang Wei, mpiandraiki-draharaha eo anivon'ny masoivoho sinoa, ny tsy mampisy mpandraharaha sinoa anatin'ny sehapiharana lavanila, satria raha ny nambarany dia efa miondrana mankany Sina ny tangozana lavanila, saingy mbola tena kely. Raha ny tantatra dia tamin'ny taona 2010 no nanomboka nahazo sehatra teo amin'ny tsena tany Sina ny lavanila avy eto Madagasikara, koa iray taonina no nafaran'ny sinoa tamin'izany. Mbola mila hanaovana fangatahana manokana amin'ny Fadintseranana ao Sina ny fampidirana ireo vokatra lavanila voahodina, satria ny tangozana lavanila ihany no mbola afaka ampidirina any amin'ity firenena ity. Tsiahivina fa nahavita nanondrana lavanila 2 360 taonina isika tao anatin'ny taom-piotazana 2021-2022, ary nahafana nampiditra vola vahiny teo amin'ny 590 tapitrisa Dôlara. Mbola notanana ho 250 Dôlara ny kilaon'ny lavanila hiondrana any ampitan-dranomasina. Mankany Etazonia sy Eorôpa ny ankamaroan'ny vokatra lavanila avy eto Madagasikara.



**Matotra ny fiaraha-miasa eo amin'i Madagasikara sy i Sina.**

**R. Muray**

Midangana ny vidim-bary

# Tafakatra 900 Ariary ny kapoaka

Tsy misy tsy mikaikaika amin'ny vidim-bary. Efa tafakatra 900 Ariary ny kapoakan'ny vary eny amin'ireo mpaninjara eto an-dRenivohitra. Ireo vary zanatany no tena hita niakabidy, satria mahatratra 3 100 Ariary ny kilaon'ny vary Makalioka sy ny Vary Gasy mena, ary 2 900 Ariary ny kilaon'ny Tsipala. Miakatra hatrany am-potony mihitsy ny vidiny, satria efa tonga 1 800 Ariary mahery ny kilaon'ny akotry raha ny fampitam-baovao azonay avy any Ambatondrazaka, faritra Alaotra Mangoro. Efa ao anatin'ny fotoan'ny maitso ahitra tanteraka ny eto amintsika hatramin' ny volana aprily ho avy izao. Misy ihany ny vary aloha, saingy tsy mahenika ny filàna. Tsy manana vaha olana afatsy ny fanatobahana ireo vary mora nohafaran'ny SPM (State Procurement of Madagascar) ny fanjakana. Ampy ny vary misy eto an-toerana raha ny fanazavana azo, saingy ny fanatrihana vokatra ataon'ireo tantsaha hoentina mitsinjo ny tsy fisian'ny vokatra mandritra ny fotoan'ny maitso ahitra no voalaza fa mampiakatra ny vidiny ankehitriny.

**R. Muray**

Infirmiera sy mpampivelona

# Mampihodina ny 75 isanjaton'ny asa fitsaboana

Manomboka amin'ny CSB hatrany amin'ny hopitaly ny 75 isanjaton'ny fitsaboana ny marary hisian'ny fahasalamambahoaka dia ny Infirmiera sy ny mpampivelona no misahana azy. *"Na dia mbola miaina amin'ny fepetra tsy mifanaraka amin'ny asa mendrika aza noho ny asa atao maro loatra izahay dia mbola miezaka hatrany ho an'ny Malagasy. Isan'ny iainan'ny PARAMED ny tandindondoza maro samihafa amin'ny asa ataonay toy ny fahazoana aretina, ny toerana lavitr' Andriana sy mitoka-monina ka lasibatry ny asan-jiolahy sy ny dahalo ireo namanay sasany. Ny tsy fandriampahalemana izay iaraha-mahita ny zava-misy toy ny any amin'ny Faritra Melaky ka hanaovako antso avo amin'ny mpitondra isan' ambaratongany ny tokony hanampiana sy hiarovana an'ireo Infirmiera sy mpampivelona miasa any"*, hoy Atoa Rakotoalison Armand Frédéric, filoha vaovao ny Sendikân'ny Paramed eto Madagasikara taminay omaly. Etsy ankilany dia mbola manao antso avo amin'ny fanjakana mba hijerena manokana ny karama sy ny tambin-karaman'ireo Infirmiera sy mpampivelona ity filoha vaovao ity ary indrindra ny handraisana ho mpiasam-panjakana an'ireo izay mbola tsy ao anatin' izany. Vina *"Ao anatin'ny efatra taona ho avy dia manana vina dimy aho ho entina mamerina amin'ny toerana maha-izy azy ny Paramed. Isan'izany ny hanatsarana ny fari-piainan'ny Infirmiera sy mpampivelona; fanatsarana ny kalitaon'ny fanofanana anay mba hahazoan'ny Malagasy tolotra arapahasalamana tsara kalitao. Manaja ny etika ara-tsendikaly dia fiarovana ny zo sy ny tombontsoan'ny Infirmiera sy Mpampivelona. Tsy maintsy hataonay birao ny famangiana sy fijerena an'ireo mpikambana isaky ny Faritra sy Distrika tsirairay mba hifankahafantarana bebe kokoa. Hitarina ny maha-olona sy fanomezandanja ny Infirmiera sy ny Mpampivelona amin'ny andraikitra sahaniny eo anivon'ny Minisiteran'ny fahasalamam-bahoaka"*, hoy hatrany Atoa Rakolotoalison Armand Frédéric, filohan'ny Paramed. Mamporisika an'ireo mpiara-miasa rehetra izy mba hanohy ny ezaka tsara kokoa noho ny efa vita hatramin'izay hisitrahan'ny marary tolotra ara-pahasalamana tsara kalitao amin'ny maha-vahoaka andrianina ny Malagasy rehetra.



**Ny Filohan'ny Paramed vaovao. (Sary:HAR)**

**Heriniaina A.**